TIM Boriboritany faha-3 2
Hanao fihaonambe ho fampandrosoana ny antoko

Facebook 3
Mampijaly ny fanapahan-dalana noho ny fanamboarana


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 30 marsa 2023 Laharana 1419 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Barea an'i Madagasikara 5
Nametra-pialana mialoha ihany ny mpanazatra Dupuis

Filoha Ravalomanana mivady 3
## Niara-nankalaza ny faha-90 taonan'i Henri Ratsimbazafy



Rajoelina mpampahantra firenena 2
## Toa mpanivaiva ny tolon'ny tia tanindrazana hoy Hery Rasoamanana






Antoko Arema 3
## Nahatsiaro ny 29 martsa sy ny faha-2 taona nahalasanan'ny Amiraly Ratsiraka



Rafanomezantsoa Jean Nirina 6
## Tratran'ny antsojay ny fitsaboana nentim-paharazana




Sambava 6
Voasambotra ireo nidaroka mpitondra Bajaj nanao tee-shirt Rajoelina

CEG Begidro Belo Tsiribihina 6
Manofa trano ny ray aman-dreny ampianarana ny mpianatra

**Daka kely**

Tsy norma fa toa misavoamboana fotsiny ialahy mandeha ry Boaikely a !

RAJOELINA MPAMPAHANTRA FIRENENA

# Toa mpanivaiva ny tolon'ny tia tanindrazana hoy Hery Rasoamanana

Nangonin'ny Ny Valosoa

***MITONDRA NY HEVINY MAHAKASIKA NY FAHATSIAROVANA NY FAHA-76 TAONAN'NY TOLOM-PANAFAHANA TAMIN'NY 29 MARTSA 1947, HERY RASOAMANANA, MALAGASY ANY DILAMBATO:***

Izay mankalaza ny "29 Martsa " nefa mpampahantra ny vahoaka sy ny firenena ankehitriny na dia manana fahefana aza dia mpanivaiva sy mpamadika ny tolon'ny Tia tanindrazana malagasy ! Mpamadika ary mpisoloky . Tsy tia tanindrazana satria faran'izay mahantra isika ankehitriny. Andro fisaonana . Andro ahatsiarovana ireo nanao ny ainy tsy ho zavatra rehetra tamin'ny famerenana ny fiandrianam-pirenena , eny andro fandinihin-tena hanovozan-kevitra entimampandroso ny firenena ny 29 Martsa raha ny hevitro . Tsy "fankalazana" na fanaovana kabary ambony vavahady etsy sy eroa sanatriavin'ny vava... Aiza ho aiza isika ankehitriny ?Aiza ho aiza ny firenena ? Firy ireo mizaka ny zom-pirenena Malagasy, ka nitondra na mitondra ity firenena ity ary mitohy mampahantra ny vahoaka malagasy ? Faha firy amin'ny firenena mahantra eran-tany tokoa moa isika ankehitriny ? Fanambaniana ary fanesoana ny maty noho ny tanindrazana tamin'ny Martsa 1947 sy ny talohan'izay na taorian'izay no misy ankehitriny. Nahoana ? Tsy mba namitaka na nanao ronono an-tavy ireny mpitari-tolona tamin'ny "raharaha 1947" ireny, fa nahitsy ary nihevitra ny soa hoan'ny mpiray tanindrazana aminy no laharam-pahamehana tamin' izany. Tsy nambotry ny mpamboly na nangalatra tany na namboly risoriso izy ireny tompoko ! Jamba ny mason'izay tsy mahita ny fahoriana mianjady amin'ny malagasy amin'izao fotoana hamakianao izao soratra izao. Jamba ary voan'ny fandraikiraikena avolenta :"Ra-lainga sy ra-risoriso". Raha ny voalazan'ny mpanadihady ny "raharaha Martsa 1947" dia mihoatra ny 89000 ny isan'ny malagasy novonoin'ny voanjo ankolaka na mivantana. Hilaza isika fa tsy misy famonoana olona mivantana intsony ankehitriny . Marina tokoa izany saingy ny "famonoana" olona tsy azo lavina dia ny famonoana ny eritreriny, famonoana ny maha izy azy amin'ny alalan'ny fambolena fahantrana atao aminy : fampiakarana ny vidin'entana tsy voafehy noho ny tsy fahaiza-mitantana , fampanantenana poakaty , fanaovana drafitr'asa tsy mifanentana amin'ny fiainany andavanandro na tsy tokony ho laharam-pahamehana akory, fanondranana harena antsokosoko tsy misy bedy ... Ho mpiray tsikombakomba amin'izy ireo ary ve ianao? Sanatriavina izany , hoy ianao ... Diniho tsara anefa. Raha mbola tsy sahy mijoro isika manoloana ny herisetra sy ny fampitahorana ankolaka ataon' ny mpitondra na ny mpanohana ny mpitondra ankehitriny dia mpiray tsikombakomba aminy. Hanontany ianao, ohatra , hoe misy herisetra ve ankehitriny ? Eny tompoko . Firifiry ny olona mitaraina ary tsy mahazo rariny amin'ny fanaovana taratasy sandoka ny taniny ? Ohatra herisetra izany... Inona ary no azonao atao ankehitriny ? Manala ny "omby mitondraka eo amin'ny volinao" ! izay aloha satria izay no lalana haingana indrindra ary heverinay fa mahomby . Amin'ny fomba ahoana ? Fanalana amin'ny fomba mihaja sy mifanaraka amin'ny lalàna velona : amin'ny alalan'ny fifidianana filoham-pirenena. Tsy haha very zo anao dia mandehana misoratra anarana any amin'ny fokontany ho isan'ny mpifidy ianao ! Mitambara manazava amin'ny hafa ny tokony hatao rehetra amin'ny fanarahamaso ny lisi-pifidianana sy amin'ny andro fifidianana. Tsarovy fa ny tia tanindrazana dia "velona ho an'ny hafa". Dradradradrao ary mijoroa vavolombelona amin'ny seho hitanao na ny tsy rariny fantatrao. Rehefa tsy mandray ny andraikiny ny mpitandrofilaminana dia manatona mpanao gazety na haino amanjery fantatrao. Mandeha amin'ny ara-dàlana isika, fa raha mitohy mafy sofina ireo dia ho tonga ho azy ny "angaredona" ... Mijoroa , misorata anarana ho isan'ny mpifidy . Tairo ny zoky, entano ny zandry. Ampio ny tsy mahay manoratra ho isan'ny mpifidy . Tsy ho raraka ny "ilo mby an-doha" napetrak'ireo Tia tanindrazana talohanao rehetra, raha vonona ianao. Inoako marimarina fa tsy isan'ireo " tia kely" ianao na ho isan'ireo "jamban'ny vary iray lovia ny iray kapoaka". Aza mety fitahin'ny mpambotry firenena ankehitriny !



*Hery Rasoamanana, Malagasy any Dilambato.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Nilamina ny fahatsiarovana ny 29 martsa 1947

Nilamina ny fahatsiarovana ny tolom-panafahana tamin'ny 29 martsa 1947, 76 taona lasa izay manerana ny Nosy omaly. Amin'ny fotoana toy izao, tsy nahazo atao ny nivarotra zava-pisotro mahamamo, tsy fety tsy akory no atao nanamarihana ity fahatsiarovana ity, satria Malagasy an'hetsiny maro no lavon'ny mpanjanatany Frantsay tamin'izany fotoana izany, noho ny fitiavan-tanindrazana tao amin'izy ireo nanoherana ny mpanani-bohitra sy ireo nibodo ny tanindrazany. Androm-pisaonana aza no tena marina no atao amin'izay fotoam-pahatsiarovana izay. Tany Moramanga faritra Alaotra Mangoro no ivon'ny fanamarihana, araka ny vaovao voaray, somary nisavoritaka ihany ny fandaminana tany antoerana tsy toy ny isan-taona, satria tsy natao teo amin'ny tsangambaton'ny mahery fo ny lahateny nifandimbiasana, fa tany amin'ny tobina mpitandro filaminana. Anisan'ny nahitana fanoherana mavaivay ny Frantsay koa ny tany amin'ny faritra Fitovinany sy Vatovavy tamin'izany fotoana, nisy koa arak'izany ny fahatsiarovana natao tany Manakara, ny tany Ikongo, ny tany Mananjary,… samy nisy an'izay ihany koa manerana ny Nosy. "Tolom-panafahana, firaisankina ho an'ny fitiavan-tanindrazana", no lohahevitry ny fanamarihana tamin'ity taona ity. Somary very na manjavozavo ihany izay fitiavan-tanindrazana izay ankehitriny, indrindra ho an'ireo mpitondra eto amintsika, satria tsy fitiavan-tanindrazana no misy amin'izy ireo, fa fitiavantena, fitiavam-bola, fitiavan-karena tafahoatra, fitiavana sehoseho sy deradera, ny zava-bita tena anasoavam-bahoaka izay tompon'ny fahefana anefa tsy misy, satria iarahamahita ankehitriny fa tena sahirana ny vahoaka sy ny firenena, tsy mahita vahaolana amin'izany ny mpitondra.

**Isambilo**

Fihaonamben'ny FFKM

# Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana no nanokafana izany

Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana no nanokafana ny fihaonambe mandritra ny 3 andro an'ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara omaly, fanokafana ny fihaonambe natao tao amin'ny FJKM Ambohipanja Fitiavana Ankadikely Antananarivo Avaradrano. Ao anatin'izany fihaonambe izany no hibanjinana ny lohahevitra: "Jereo fa omeko fahefana ianao anio amin'ireo firenena sy fanjakana mba hanongotra sy hanjera, hanapotika sy handrava, ary hanorina sy hamboly indray." Jeremia 1/10 DIEM.

Ny FFKM dia manao antso avo ihany koa amin'ny fisoratana anarana anatin'ny lisi-pifidianana, ny fanamarinana ny anarana anaty lisi-pifidianana ary ny fahatongavana handatsa-bato amin'ny androm-pifidianana. Ny fahamarinana no manandratra ny firenena. Miombona amin'izay mandeha amin'ny fahamarinana ny FFKM ary manohitra izay manohitra ny fahamarinana, anisan'ny nisongadina tamin'ny toriteny nataon'ny mpitarika izany dia ny filohany ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ami. Niatrika izany koa ireo filoham-piangonana 3 hafa dia ny avy amin'ny EKAR Mgr Odon Razanakolona, ny avy amin'ny FLM Dr Rakotozafy Denis ary ny avy amin'ny EEM Mgr Ranarivelo Samoela Jaona. Maro koa ireo olo-manakaja niatrika izany, nahitana ny filoha Marc Ravalomanana, ny filoha Hery Rajaonarimampianina, ny filoham-panjakana teo aloha Rivo Rakotovao, ny filohan'ny CENI Dama Andrianarisedo, niatrika izany koa ny avy amin'ny fitondrana mpanatanteraka, nahitana ministra ao amin'ny governemanta,…

**Isambilo**



*Ireo niatrika ny fotoam-pivavahana notarihan'ny FFKM.*

TIM Boriboritany faha-3

# Hanao fihaonambe sy ny dinika ho fampandrosoana ny antoko

Hisy ny fihaonambe sy dinidinika ho fampandrosoana ny antoko TIM: Tiako i Madagasikara ny sabotsy 01 Aprily 2023 ho avy izao, ao amin'ny QG Bel'air, izay ho karakarain'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3, ahitana ny depiote Feno Ralambomanana sy ny ekipany, miaraka amin'ny avy amin'ny DISTIM ao amin'ity Boriboritany ity. Izany dia hanomboka amin'ny 02 ora tolakandro, ka hanasan'izy ireo ny mpikatroka sy ny mpanara-dia rehetra ao anivon'ny Boriboritany faha-3.

Araka ny nambaran'ny depiote Feno Ralambomanana, entanina ny rehetra mba ho tonga amin'io fotoan-dehibe io, indrindra ny Biraon'ny Fokotim isam-pokontany, ny biraon'ny Jeunes TIM ary ny biraon'ny Femme TIM.

**Niaina**



*Ny depioten'ny Boriboritany faha-3, Feno Ralambomanana.*

Analanjirofo

# Mitohy ny fanofanana ataon'ny Coach TIM, Rasomotra



*Ny fihaonana teo amin'ireo mpitarika TIM, tany Soanierana Maroantsetra.*

Mitohy hatrany ny formation na ny fanofanana ataon'ny Coach Regional ny antoko TIM amin'ny faritra Analanjirofo, ny depiote teo aloha Rasomotra sy ny President ny jeune Tim Mananara Avaratra Berchon Lahy, ho an'ireo mpitarika ity antoko ity tany an-toerana. Tao amin'ny fokontany Soanierana Kaominina Maroantsetra, no nanaovana izany afak'omaly maraina. Tao anatin'izany ny fanomezana toromarika amin'ny zavatra tokony hatao: mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana ho avy hatao eto amintsika amin'ity taona ity. Tsy adinon'izy ireo koa ny fanentanana ny mponina hiditra ao anaty lisi-pifidianana.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy mazava intsony ny raharaha, leo sy tofoka ny olom-pirenena

Tsy mazava intsony ny raharaha, efa leo, tofoka ny olom-pirenena. Tsy vitsy ireo olom-pirenena sendra ny mpanao gazety tato ho ato no nilaza fa : tsy mazava intsony izy ity, izany hoe : tsy teny fanoherana na tsikera ranofotsiny, fa tantaram-piainana hita maso ary misy porofo mazava avokoa. Ny resaka governemanta sy ireo ministera ao anatiny moa no efa tena tsy zakan'ny olona intsony, ka mahatonga ireo teny mavesatra etsy sy eroa ataon'ny mpiara-monina sy ny tontolo manodidina azy mihitsy. Ny ministeran'ny finansy, fitantanam-bola , dia efa ela no voaenjika tamin'izany noho ireo tsy rariny ataony mikasika ny karama sy tambin-karama, na izay vola kely anjarany, ka miteraka grevy sy fitokonana samihafa manerana ny firenena. Io resaka vola io anefa no fototra entina mikarakara ny lafim-piainana isan-karazany, izay efa manimba tokoa ny varotra eto antoerana ohatra, ka miitatra tonga aty amin'ny resaka asa sy ny maro hafa ary manimba tanteraka ny fiompiana sy ny fambolena mihitsy, manimba ny fidirambola sy ny toe-karena tanteraka, porofon'izany ny resaka vary sy lavanila..., miampy ny asa maizina eo amin'ny lafiny fitrandrahana.

**Serasera**

Ny ministeran'ny serasera sy kolontsaina dia efa lasibatra tanteraka manoloana ireo mpanakanto marobe ao amin' ny Omda, nefa mbola manafintohina ny mpanao gazety maro ihany koa, noho izy tsy mahay miaro ireo namany, mitazam-potsiny ireo namana efa any am-ponja sy ireo vao nampidirina koa aza, toy ny nanjo an-dry Lola Rasoamaharo. Ny fampianarana ambony moa dia ao anatin 'ny fahasarotana tanteraka, satria mbola nahazo valiny mazava momba ny raharaha eny Vontovorona ohatra, izay efa manafosafo ny fampianarana ambony momba ny fitsaboana ihany koa raha ny akom-baovao voaray tamin'ny tompon'andraikitra ambony iray avy amin'ny Anjerimanontolo tsy miankina iray : Ramatoa Haingo Paradis, nanambara fa tsy mazava mihitsy ny lalam-bola ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana ao momba ireo karama, tambin-karama, ireo trano naorina tsy arapitaovana hanaovana fankalazana sy fitokanana amin'ny tsy rariny nefa hono manara-penitra. Manampy trotraka izany ireo dokotera sy mpitsabo mpanampy na mpampiteraka nefa dia verezin-jo tanteraka, ka vao mitaky izay anjarany dia mahazo teny fandrahonana indray toy ny nahazo mpitsabo iray araka ny nambaran'ity manam-pahaizana tamin'ny fahitalavitra rahavavy iray vao tsy ela.

**Mifandrombaka fahefana**

Hita sy tsapa hoy ny mpampianatra fahiny teny Ankatso iray, fa misy lesoka avokoa ireo ministera, miainga eo amin'ireo minisitra sy ny sekreterany ary mipaka amin'ireo tale sy mpanolontsaina ary tompon'andraikitra isan-karazany, nefa raha vao misy teny atsipy na tsikera mahasoa atao, dia lazaina fa : MPANOHITRA foana, ka ny aty amin'ny fiarovana sy ny filaminana no atao biby fampitahorana, nefa dia manimba ny lafiny fiaraha-monina tanteraka tokoa, ka na misy amin'izao fotoana olon'ny tafika asondrotra kilasy na grady ambony toy ireo jeneraly vao notendrena, dia toa tsy manaitra ny maro intsony, na koa ireo sivily tsara toerana izay notendrena, toa mamikitra seza fotsiny ihany koa sisa no ataon'ireny; izy samy izy no mifandrombaka fahefana ao, "Mandrora mitsilany", izay voatendry miaro seza mafy, ireo izay te-hiditra, mitady toerana dia manozongozona mafy ihany koa.

**Beharo**

FILOHA RAVALOMANANA MIVADY

# Niara-nankalaza ny faha-90 taonan'i Henri Ratsimbazafy

Nanamarika ny tsingerintaona faha-90 nahaterahany omaly 29 martsa ny mpanakanto Henri Ratsimbazafy. Niara-nankalaza izany taminy ny filoha Marc Ravalomanana mivady.

Fotoam-pivavahana ho fisaorana an'Andriamanitra no nanamarihana izany omaly, noho io tsingerintaonan'i Henri Ratsimbazafy io, tao amin'ny FJKM Ankadifotsy, natrehan'ny filoha Marc Ravalomanana mivady. Ankoatra ny vavaka, nisy ihany koa ny rindran-kira nataon'i Dear



*Ny filoha Marc Ravalomanana niarahaba an'i Henri Ratsimbazafy, noho ny faha-90 taonany.*

Henri, niaraka tamin'ireo antoko mpihiran'ny fiangonana niderana ilay nahary noho ny fahasoavana nomeny ity mpanakanto ity, ka nahatratrarany izao tsingerin-taona faha-90 izao. Nirary azy tsy harofy sy hatanjaka hatrany, ka ho tratran'ny mbola hitsinjgeringerina ny filoha Marc Ravalomanana mivady tamin'io fotoana io. Ao anatin'izao fankalazana ny faha-90 taonan'i Henri Ratsimbazafy izao, hisy ny seho sehatra lehibe hataony ny alahady 02 aprily ho avy izao tolakandro ao amin' ny CC Esca.

**Niaina**

Antoko Arema

# Nahatsiaro ny 29 martsa sy ny faha-2 taona nahalasanan'ny Amiraly Ratsiraka

76 taona aty aorian'ny tolona, izay nataon'ireo mahery fo Malagasy tamin'ny 29 Mars 1947 dia azo lazaina ho very ihany ny ampahany tamin'ny finiavana hanavotra ny firenena, tao amin'ireo tia tanindrazana malagasy ireo. Angamba hoy ny sekretera nasionalin'ny antoko Arema dia samy resy lahatra ny rehetra, fa tsy tokony ho tahaka izao ny toerana misy antsika raha mbola tahaka ny an'ireo ray aman-dreny izay nitolona tamin'izany ny fitiavan-tanindrazana nanantsika sy ireo mpitondra nifanesy. Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena ankehitriny hoy Ramatoa Anick Ratsiraka. Ny fahatsapana izany no antony namerenana ny anaran'ny antoko AREMA hoe Antoko revolisionera Malagasy, satria tena mila revolisiona na ny firenena na ny vahoaka.

Ankoatra ny fahatsiarovana ny tolom-panafahana ny 29 Martsa 1947 dia notsarovan'ireo mpikatroka Arema omaly ihany koa, ny faha-2 taona nahalasanan'ny Amiraly Didier Ratsiraka, izay nodimandry ny 28 martsa



*Ny avy amin'ny antoko Arema teny amin'ny fasan'ny Mahery Fo.*

2021 ary nalevina teny amin'ny fasan'ny mahery fo Avaratr'Ambohitsaina ny 29 Martsa 2021 ihany. Taorian'ny fiaraha- miombombavaka tao amin'ny Chapelle Notre Dame de la Paix Andrainarivo dia niara-nirohotra nanatitra fehezambonikazo teny amin'ny fasan'ny maherifo izy ireo . Maro be ireo olona tonga nanotrona izany, nahitana ireo mpikatroka Arema, notarihan'ny sekretera nasionaly. Teo ihany koa ireo olomanakaja izay nasaina ary ireo fianakavian'ny Amiraly. Nandritra izany ihany koa dia nisy ny fampirantiana an-tsary ny fiainan'ny Amiraly izay niarahana tamin'ny Mpaka sary Rakotobe Michel.

**Stefa**

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mampijaly ny fanapahan-dalana noho ny fanamboarana



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** tsy mety aloha ilay hoe manamboatra lalana dia tapahina tanteraka ny lalana e! Tena mampijaly mihintsy. Ny fotoana very, ny essence sy ny gaz oil lany,…

**Remi Mampiary :** ts mety zany.

Charlot Berthin Andriamahazosoa : ts hitan'olona hono oe manamboatra ry zareo raha tsy tapahana ny lalana.

**Antsa Andrianarilala :** tena trop be tokoa !

**Jenny Rakotozafy :** kivy aho, ny andro mamay ny embouteillages manao ny ataony, amin'ny manaraka aleoko mandeha ligne 11, sady mi-musclé ranjo.

**Mirana Razafimahery :** asam-poza vé, tsy mahagaga. Tsy amboarina ny làlana hampijaliana ny vahoaka. Amboarina ny làlana hatao mijalijaly ihany koa ny vahoaka. Maninona no tsy ny antsasa-dàlana aloha no hamboarina ary ny alina no manao izany.

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** Mirana Razafimahery : izay mihintsy.

**Henintsoa Ravelonarivo :** @ izay dia hitan'ny rehetra fa miasa be.

**Vonikazo FY :** manozona foana aho isaky ny tratry ny emboutaka... Fa tamin'ny andron'i Dada andro alina no miasa ny mpanao lalana, nilamina ny fiainana.

**Mino-Elisoa Raza :** izao no atao hoe : asan'ny fanaovana kitoatoa sy tandrametaka ary alasafay, dia mazava ho azy arak'izany fa tena tsy mahay mitantana ity DJ faux timonier/champion du mensonge ity sy ireo forongony. Ny vahoaka no ataony mizaka ny tsy erany sy tsy normal tahak'izao. Fa raha any @ Firenena ivelany kosa, efa hafa ny fandehany ary tsy mitovy velively ny zava-misy eto M/KARA izay tsy fahita rahateo tao anatiny 62 taona re olona a!

**Eric Razafimahefa :** indroa tao anatin ny herintaona io no namboarina, asan-dragôva ny voalohany dia ity indray ny faharoa ary mino aho fa amin'ny oktobra io dia ho potika indray.

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** Eric Razafimahefa : amambolana io nolavahana tsy namboarina dia avy eo tandrametaka. Zao namboarina indray dia asa fa hijery tsara ilay kalitao zahay a! Tsy naharitra herintaona akory io dia samba tamin'ny taon-dasa.

## TONONKALO

# RY MPAMPIASA KAONTY FAKO

Kaonty fako hatrany hatrany no fitaovana ampiasaina,
Ho an`ireo mpitondra vendrana efa an-dalam-pialana aina.
Ireny no hamafazan-dainga sy entina mirehareha,
Rehefa injay efa tsaroana ho tapi-dalana haleha !

Ry bemolotra no havanana amin-javatra toy ireny.
Maro ireo nokaramainy mba hihiaka sy hiteny.
Saingy zavatra tsy marina, izany hatrany no afafiny,
Hamelezany ny hafa izay atsangany ho rafiny !

Kaonty fako no indreny fa maniry toy ny anana,
Hamotehana ny hafa mialoha ny fifidianana.
Tsy dia zava-mahataitra, tetika mirefarefa.
Ny hany tokana ho voafitany dia ireo « zefa tena zefa »!

Ireo olona efa tonga saina, tsy ho voafitaka intsony,
Fa mahay mikombom-bava, mba tsy haloto ny ao am-pony.
Tsy ny "vavabe" akory no hibatana fandresena,
Mainka ireny no hitsarana ireo tsy manam-pahendrena!

…Ka mahaiza re mandinika ary koa mitsakotsako
Ry mpandainga tia miafina ao anaty kaonty fako,
Fa "ny marina tsy maty" sady vonona handresy,
N`inona n`inom-panenjehana na koa fingana misesy!

*TSIMIMALO (24-03-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe Michel

**TIM Boriboritany faharoa notarihan'ny depiote Rastany, nanentana ny mponina hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, tao Ambohimiandra.**









**Ny antoko Arema nahatsiaro ny Amiraly Didier Ratsiraka sy ny faha-76 taonan'ny tolom-panafahana, teny Andrainarivo, sy teny amin'ny Fasan'ny Mahery Fo.**










## NY TENY FIAINANA




*"Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan'Andriamanitra dia tsy misy hanenenany."*

***Romana 11:29***

### Barea an'i Madagasikara

## Nametra-pialana mialoha ihany ny mpanazatra Dupuis

Nametra-pialana mialoha ihany ny mpanazatra ny Barea an'i Madagasikara Nicolas Dupuis, raha amin'ny volana septambra izy vao saika hiala tsy ho mpanazatra intsony, tao aorian'ny faharesena tany Cameroun ny herinandro teo, nanoloana ny ekipam-pirenen'i Centrafrique, no nilazany io fanapahan-keviny io, izay efa nandrasan'ny maro. Nambarany fa:"tsy hiandry amin'ny volana septambra aho satria tokony efa hiasa sy hanomana ireo lalao manaraka izay mpanazatra hisolo ahy." araka ny nambarany.
Fa momba ny ekipam-pirenena Malagasy ny Barea, mbola lavon'ny “Fauves du Centrafrique” 2-0 indray, ny Barea de Madagascar tamin'ny lalao miverina nifanandrinany tamin'ny « Les Fau-ves du Bas-Oubangui Cen- trafrique » tany Douala Cameroun tamin'ny alatsinainy 27 martsa 2023 teo. Lalao tafiditra amin' ny andro faha-4 ny fifanin-tsanana hahazoana miatrika ny CAN Côte d'Ivoire 2023 . Mbola niantoka ny fandresen-dry zareo Centrafrique tamin'izany ilay lohalaharany Mafouta, izay nampiditra an'ireo baolina roa matiny ireo indray. Vita hatreo ny fanantenan'ny Barea de Madagascar hiatrika ny CAN 2023, satria mbola mitana ny rambony hatrany izy ao amin'ny vondrona E misy azy, izay efa lalao roa sisa hamaranana ny fifanintsanana hatao ao. Dia ny CAN 2025 sy ny MONDIAL 2026 tsy misy Nicolas Dupuis indray izany izao no ho banjininy. Azo ambara fa tsy nahomby intsony ny tetikady nitondran'ity mpanazatra ity ny ekipan'ny Barea taorian'ny Can 2019.



*Ny mpanazatra ny Barea nametra-pialana, Nicolas Dupuis.*

***Rainilita***

### Orange Pro-League 2022-2023

## Hilalao ao amin'ny kianjany amin'izay ny Fosa Juniors Fc

Ho tontosaina amin'ny faran'ity herinandro ity ny andro faha-12 amin'ny fifaninanana baolina kitra, “Orange Pro-League 2022-2023”, ka hisongadina ny hilalaovan'ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc ao amin'ny kianja Rabemanjara Mahajanga amin' izay, rehefa tsy afaka nilalao tao noho ny fanatsarana natao niaraka tamin' ny FIFA, an'ity kianja ity ny tany an-toerana. Voatokana tamin'ny 03 martsa 2023 lasa teo izany fanatsarana izany, ka izao hisokatra amin'ny fifaninanana baolina kitra izao indray, ity kianja manantantara ity. Fandaharandalao rehetra izay samy hanomboka amin'ny 14:30 avokoa : Vondrona “Conférence Nord” sabotsy 01 aprily 2023 : As Fanalamanga # Ajesaia (kianja “Barikadimy Stadium Toamasina”), Alahady 02 aprily 2023 : Uscafoot # Cosfa (kianja monisipaly Alarobia), Fosa Junior Fc # Tffc (kianja Rabemananjara Mahajanga), Vondrona “Conférence Sud” Alahady 02 aprily 2023 : Zanakala Fc # Elgeco Plus (kianja “Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa), 3Fb Toliara # Jet Kintana (kianja Maître Kira Andaboly Toliara), Cffa # Dato Fc (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass).




*Kianja Rabemananjara Mahajanga nasiam-panavaozana.*

***Rainilita***

### Senat Sport

## Nahazo filoha vaovao dia i Yadjh Ny Aina

Nahazo filoha vaovao hitantana azy mandritra ny roa taona ny Senat Sport, ao amin'ny Antenimierandoholona Malagasy etsy Anosikely. Tontosa tamin' ny alatsinainy 20 martsa 2023 lasa teo ny fifidianana, nanoloana ny mpitantana an'izany rafitra izany, ka lany ho filoha tamin'izany tamin'ny salanisa 80 % Andriamatoa Yadjh Ny Aina, izay mpitantana ny Asief Volleyball tao amin'ity andrimpanjakana ity. Nisaoran'ity filoha vaovao ity manokana, tamin'ny firesadresahana nivantana taminy taorian'ny nahavoafidy azy io, ireo nandray anjara tamin'izany fifidianana izany izay nahalany azy. Isaorany ihany koa ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra ary koa ireo loholona rehetra ao amin'ny Senat, nanampy tamin'ny fanatontosana an'izany. Nambarany fa ireto zavatra ireto no ho vaindohan-draharahany sy ny ekipany, amin'izao fitantanana vaovao'ny Senat Sport izao : 1°-Tsy maintsy hapetraka ao amin'ny Senat ny rafitra C2S “Club Sport Santé”, izay hiarahana miasa amin'ny MJS “Ministère de la Jeunesse et du sport Malagasy”, ka ny tanjona amin'izany dia ny hahafahan'ireo mpiasa ao amin'ny Senat izay tsy afaka hiakatra kianja, hanatanteraka fampiasambatana ao am-piasana (manao Zumba in-droa isan-kerinandro, na fihetsehana “mouvement” hafa ihany koa). Efa nahazoana fankatoavana tamin' ny Drh ao amin'ny Senat ireo. 2°-Ny hahazoan'ireo mpiasa mampiasa vatana, satria ao anatin'ny vatana salama no hahafahana miatrika ny asa tsara ara-dalàna. 3°-Ny handraisan'ny Senat Sport amin'ny “Championnat regional” sy “Championnat National” Asief, izay ho tontosaina eto Antananarivo sy any Toamasina, ka hanohizana ny vokatra tsara azon'ny ekipan'ny Senat Asief, tamin'ny fifaninanana natao tamin'ny 2022 lasa iny. Marihana fa feno 20 taona katroka amin'ity taona 2023 ity ny Senat Sport, ka hisy hetsika samihafa hanamarihana an'izany, toy ny fifaninanana fanatanjahantena, fampirantiana : “exposition”, sy alim-pandihizana, hoentina hanamarihana an'izany, izay hatomboka amin'ny volana mey 2023 ho avy izao.



*Andriamatoa Yadjh Ny Aina filoha vaovaon'ny Senat Sport.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy haricot vert** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra izany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Jus manala fahakizintinana

Jus manala fahakizintinana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mixer-na ny karaoty, ny celeri, ary ny ampongabendanitra. Sotroina ilay maraina vao mifoha iny.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Voloina distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Voloina distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Voloina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 9 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Manamorona ny Helodranon'i Antongil ny tanànan'i Voloina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila. Ahitana mpanjono koa any Voloina.






NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

SAMBAVA

# Voasambotra ireo nidaroka mpitondra Bajaj nanao tee-shirt Rajoelina

Voasambotra ireo lehilahy 2 nidaroka mpitondra Bajaj nanao tee-shirt Rajoelina tany Sambava faritra Sava. Araka ny vaovao voaray, tsy vitan'ny naratra ny tanana sy ny tongotr'ilay mpitondra BAJAJ tamin'io fotoana io, fa noesorin'izy ireo koa ny akanjo notafiany, no mbola very finday sy vola 60000Ar koa izy, ankoatra ireo fampitahorana samihafa.
Olona niasa ilay mpitondra Bajaj, tsy nisakana na nanelingelina ny hetsika nataon'ireo mpanao fitakiana amin'ny tokony hitondrana vahaolana momba ny lavanila any an-toerana.



*Ny fonjan'Antalaha, any amin'ny faritra Sava.*

Nidoboka am- ponja vonjimaika any Antalaha ireo olona roa voasambotra ny talata tolakandro teo.
Fantatra anefa fa nisintona ny fitoriany indray io lehilahy mpitondra Bajaj io avy eo, saingy tsy maintsy natolotra ny fampanoavana izy roalahy ary dia izao nalefa ao amin'ny fonjan' Antalaha izao. Niparitaka tamin'ny tambazotran-tserasera facebook moa ny resaka an-telefônina nataon'ny filoha Andry Rajoelina sy ny SEG: sekreteram-panjakana misahana ny zandarimariam-pirenena momba ity raharaha ity, nanome baiko ny filoha tamin'izany ny hisamborana ireo olona nidaroka. Nivoaka iny horonam-peo iny, midika fa tsy misy tsiambaratelo intsony ny resaka hifanaovan'ny mpitondra ao ambony ao amin'izao fotoana.

**Stefa**

Rafanomezantsoa Jean Nirina

# Tratran'ny antsojay ny fitsaboana nentim-paharazana

Tratran'ny antsojay ny fitsaboana nentim-paharazana amin'izao fotoana, hoy Rafanomezantsoa Jean Nirina, mpandraharaha miara-miasa amin'ny mpitsabo nentim-paharazana. Ahitana fahombiazana ho an'ny Malagasy anefa hoy izy ny fitsaboana nentim-paharazana, na amin'ny tontolo an-tanàn-dehibe, indrindra any amin'ny tontolo ambanivohitra. Tsy avela hanao pub na dokam-barotra ny mpitsabo nentimpaharazana , nefa etsy andaniny betsaka ny manaratsy. Tratry ny antsojay tanteraka noho izany ireo mpitsabo nentim-paharazana ankehitriny hoy ihany ity mpandraharaha, filohana fikambanana maromaro ity, filohan'ny fikambanana Hafari Malagasy. Koa miantso ny tomponandraikitra izy manoloana izany, toy ny ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana, eny hatramin'ny filohampirenena, mba hijery akaiky izao olana izao ary hanome hajany hatrany ny ANTM, fikambanan'ireo mpitsabo nentim-paharazana eto Madagasikara.

**Stefa**




*Ny filohan'ny Hafari Malagasy, Rafanomezantsoa Jean Nirina.*

CEG Begidro Belo Tsiribihina

# Manofa trano ny ray aman-dreny ampianarana ny mpianatra

Ravan'ny cyclone Freddy ny sabotsy 4 martsa ny sekoly, izay trano bararata, ka tsy mianatra ny mpianatra ao amin'ny CEG Begidro Ankiroroky ao amin'ny Cisco Belo sur Tsiribihina, ka tsy nianatra ny mpianatra. Efa nisy ny tatitra nalefa amin'ireo tompon'andraikitra isantsokajiny toy ny chef Cisco, ny solombavambahoaka, sns… saingy hatreto tsy misy ny fandraisana andraikitra, na dia izany aza dia efa niezaka nitady vahaolana hatrany ny talen-tsekoly sy ny Ray aman-dreny, ka tapaka nandidritra ny fivoriana izay niarahan'ireo mpampianatra sy ny Ray aman-drenin'ny mpianatra, fa hitady trano hofaina aloha hanohizana ny fampianarana satria mijaly ireo mpianatra, indrindra fa ireo hanao fanadinam-panjakana. Eo an-toerana koa tsy misy tranompokonolona, ka rehefa nisy ny fitadiavana trano dia nahita izy ireo izay efitra roa ka 35.000 Ariary ny iray, izany hoe 70.000 Ariary isam-bolana, no aloan'ny Ray aman-drenin'ny mpianatra. Raha ny CEG Begidro dia tsy nisy afa tsy trano hazo efitra roa izay ravan'ny Freddy izay, 121 no isan'ny mpianatra ao, izay mizara kilasy telo, ny dablio raha 26 dia 21 sisa no azo ampiasaina, fa ny dimy potika nandritra ny firodanan'ny trano, tsy ampy ny dablio fa ezahina alamina sy miaina ny zava-misy hoy ny talentsekoly, Andriamatoa Zafianaka.
Manao antso avo amin'ny mpitondra fanjakana ireo mpampianatra sy Ray aman-drenin'ny mpianatra, mba hijerena ny sekolin'izy ireo, satria iny trano izay ezaka nataon'ny Ray aman-dreny dia efa narodan'ny Rivodoza iny, ny fiveloman'ireo ray aman-dreny anefa dia fambolena sy fiompiana, ny vokatra mbola tsy miakatra sady maro koa no simban'ny ranobe farany teo, efa nampiasaina ilay trano nofaina nanomboka ny alatsinainy 27 martsa teo ary mbola hivory ireo Ray aman-dreny handamina ny fandoavana ny hofantrano.
Raha resaka fanabeazana ao amin'ny kaominina Begidro Ankiroroky no resahina dia tsy misy fotodrafitr'asa azo jerena, fa dia ny Epp ihany no mba sekoly trano vato, izay niorina tamin'ny fotoana nitondran'ny filoha Marc Ravalomanana, fiarahamiasa niarahana tamin'ny FID, izay mbola mijoro tsara amin'izao, saingy ny dabilio no tsy misy, fa efa simba avokoa, ary noho ny fitomboan'ny mpianatra ihany koa dia tsy maharaka intsony ny efitrano.



*Trano sekoly CEG any Begidro, simban'ny rivodoza Freddy.*

**Rajepa**

Fitsarana miaramila

# Hanomboka ny alatsinainy 03 aprily indray ny eto Antananarivo

Hanomboka ny alatsinainy 3 aprily ho avy izao indray, ny fitsarana miaramila ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra. Etsy amin'ny kianjan'i Betongolo no hanaovana izany. Hisy koa ny sabotsy sy alahady hanomboka ny 11 Aprily, ho fitsinjovana ireo miasa sy mianatra amin'ny andavanandro. Hiatrika izany ireo zatovo lahy sy vavy 19 ka hatramin'ny 31 taona, izany hoe ireo teraka tamin'ny 1 Janoary 1992, ka hatramin'ny 31 Desambra 2004, ka mbola tsy nitsara miaramila, mba hanatanteraka izany adidiny izany.
Ny zavatra entina : kara-panondro sy penina no ilaina amin'izany ary maimaimpoana tsy andoavam-bola.
Zava-dehibe ny fahavitana ny fitsarana miaramila, izay hahazoana karatra maitso, hahafahana mangataka ny "Certificat de position militaire". Ny « Certificat de position militaire » dia ilaina ary takiana amin'ny antontan-taratasy maro ara-panjakana toy ny fahazoandalana hivoaka any ivelany, sy ny fidirana ho mpiasampanjakana.

**Niaina**



*Fitsarana miaramila tamin'ny taon-dasa teny Betongolo.*

R. Kiady, mpilalao basikety Malagasy

# Hifindra any amin'ny ekipan'ny BC Boncourt Suisse

Rehefa nisedra ny fifaninanana Pro B, tamin'ny fiandohan'ity taom-pilalaovana 2023 ity, tao amin'ny ekipan'ny La Rochelle Frantsa, ka nahazoana vokatra tsara (8,9 points à 38%, 1,6 rebond et 1 passe décisive en 7 rencontres) ny mpilalao basikety Malagasy Razanamahenina Kiady (26 taona, 1,85 m), izay efa nandrafitra ny Ekipam-pirenena malagasy nandritra ny AFROBASKET U18



*Razanamahenina Kiady.*

natao teto Madagasikara tamin'ny taona 2014 ary koa Ekipam-pirenena malagasy nandritra ny fifaninanana "Qualifiers AFRO-BASKET RWANDA" natao tany Tonizia. Fantatra izao fa hifindra ao amin'ny ekipan'ny BC Boncourt any Suisse, izay mitana ny laharana faha-8 ankehitriny eo amin'ny "championnat Suisse" izy. Hiaraka hilalao amin'ireo mpilalao Frantsay sy Afrikana maromaro izy ao anatin'io ekipa hilalaovany io.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/03/2023 hatramin'ny 01/04/2023**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1419-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MILA MIOVA NY LASINTSAINA HATRAMIN'IZAY**

# Fasana talenta ny eto amintsika hoy ny AFK

Maro ireo sehatra isehoan'ny tsy fandehanan-javatra amin'ny laoniny eto amin'ny firenena. Tsy voahaja ny lalàna tokony harahina, fa lasa ny tsy aradalàna indray no mitady hahazo vahana. Sarotra ho an'ny fiainam-piarahamonina ny manàja ny fitsipi-pifehezana. Fototra iray lehibe io miteraka izao fahantrana manjaka eto amin'ny firenena izao. Anisan'ny iray hafa koa anefa ny tsy fanomezandanja ny maha olona sy ny hasiny. Tafiditra lehibe ao anatin'izany ny resaka talenta. Manaitra ny saina ny tenin'ny mpandinika sy mpamakafaka ny hoe "fasana talenta ny eto amintsika". Izany hoe, maro ny talenta eto, ao anatin'ny olona tsirairay, saingy tsy hita na takona na tsy ampiasaina mifanaraka amin' ny tokony ho izy. Tranga maro no isehoan'izany eo amin'ny sehatra maro samihafa. Ahitana izany, ohatra, ny eo anivon'ny sehatra fitantanan-draharaham-panjakana. Iarahamahita ireo mpiasam-panjakana maro, izay mi-asa ao anatin'izany, kanefa tsy mifanaraka amin' ny talenta sy ny fahaizana avy amin'ny fianarana norantoviny ny sehatr'asa ataony. Tsy mifanaraka amin'ny diplôma ananany ny asa ataony. Tsy voatrandraka araka izany ny talenta ananan'ny olompirenena tsirairay. Mazava loatra, misy fiantraikany any amin'ny seha-pivoarana sy ny fampandrosoana ny firenena izany. Raha te hampandroso sy hampisandratra marina ny firenena ao anaty fotoana voafaritra, dia mila jerena akaiky izany. Mila omena hasina sy ny toerana sahaza azy ao anatin'ny fitsinjovana ny talentany ny olom-pirenena tsirairay. Mitaky fanovàna hentitra fomba fiasa izay mifanaraka amin'ny fanovàna lasintsaina izany raha te hahazo vokatra tsara. Izany ezaka izany dia efa ataon'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) tato anatin'ny taona vitsivitsy nisiany izao, ary mifofotra amin'izany izy amin'izao fotoana. Ny andrasany dia ny fanapahan-kevitry ny olom-pirenena resy lahatra, mba hijoro amin' izany ka hiara-hientana aminy.

*Aris*



*Ny ministeran'ny asam-panjakana etsy amin'ny 67 ha.*

Mandroso indrindra aty "Afrika maity"

# Mitovy laharana amin'i Malezia sy Portugal i Botswana

I Botswana amin'izao fotoana no firenena mandroso indrindra aty amin'ny faritra "Afrika maity", mitovy laharana amin'i Malezia sy Portugal izy ankehitriny. Ny antony nahatongavany amin'izany toerana izany, miroborobo be tokoa ny toekarena Botswanaise amin'izao fotoana: tsy azo aondrana any ivelany ny akora tsy voahodina misy any, fa tsy maintsy ahodina ao an-toerana ihany, mba hahazoana tombony ho an'ny firenena sy ho an'ny vahoaka ao, amin'ny alalan'ny fahazoana ilay hoe:"valeur ajoutée": miteraka asa anatiny, fa tsy ny any ivelany no manao ny asa,… Ny antony koa, i Botswana no mpamokatra diamondra voalohany eran-tany, ahodina any ihany izany, izay vao hamidy amin'ny tsena iraisam-pirenena. Noho izay antony izay, nifindra any Gaborone renivohiny ny bourse ny diamondra, na ny toeram-pifanakalozana sy fandraharahana diamondra tany Anvers. Noho izay antony izay, ny Botswanais ihany no mametra ny vidin'ny diamondra eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Ny vinavina fananganana orinasa dia misy ny fanambarana atao, ka miasa 6 volana ilay orinasa izay vao mametraka ny satany amin'ny tompon'andraikitra. Ny tetikasa mampiasa olona latsaky ny 50 dia misy olon'ny fiadidiana ny Repoblika manampy azy. Ny tetikasa mampiasa olona 100 no mihoatra dia mahazo toerana iasana maimaimpoana avy amin'ny fanjakana mandritra ny 10 taona. Mampiasa vola betsaka amin'ny fanabeazana koa ny fitondrana any Gaborone, maimaimpoana ny fampianarana any amin'ny Oniversite. Ny fanjakana no miantoka ny fahitan'ireo nahavita fianarana asa, na amin'ny sehatra tsy miankina, na amin'ny fanjakana. Ny sehatry ny fahasalamana no manaraka, ampiasan'ny fanjakana vola be. Eo amin'ny sehatry ny fizahantany, mifanahantsahana i Botswana sy Afrika Atsimo amin'ny resaka Safari.


Soa fianatra ny vitan'ny Botswanais, ny harem-pirenena dia mahazo tombontsoa be amin'izany ny vahoaka, fa tsy voaondrana antsokosoko toy ny misy eto amintsika, ka olom-bitsy ihany no mitavana izany.

*Aly*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 429





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 429




**Mitsivalana**

**1.** Fanaka fihinanana **2.** Lehiben'orinasa (miv) – Fanasana mihaja (mi) **3.** Maneho fofona tsara – Mari-bola **4.** Mpanolotra – Henoko **5.** Habakabaka – Faran-teny **6.** Kosa (miv) – Marika **7.** Nandray **8.** Mampandeha ny fiarakodia (miv) **9.** Zava-diso, tsy marina – Heloka **10.** Kamban-telo – Manaraka ny amon-

**Mitsangana**

**A.** Raim-pianakaviana **B.** Esorinao – Santa **D.** Tanimbary **E.** Taova – Mpanoritra **F.** Fiampitana **G.** Iray sy iray (miv) – Lalam-pirenena – Marika (BR) **H.** Matoanteny **I.** Renintsoratra tsy mitovy – Nefaina vola **J.** Bibikely lalandava (miv) **K.** Miaraka amin'ny atsy – Milaza fananana

## Valiny Teny Tondro (0428)

**Mitsivalana**

- Firenena
- Ala
- Navotana
- Irina – Do
- Ome
- Sira – Aho
- Lainga (miv)

**Mitsangana**

- Fanitso
- Ar
- Rovitra
- No (miv) – AG
- Natao
- Ela – May
- Nandeha
- Ao – Lo (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0428

**Mitsivalana**

**1**.Fantarinao **2**. Io - Vono (miv) - Do **3**. Tranga - Fi(to) **4**. Ia (miv) - Ta - Lena **5**. Zavatra - Zo (miv) **6**. Any - Ravaka **7**. Na - Tamiko **8**. Sira (miv) - BNI **9**. Nenitoa - AA **10**. Ao - AB - Inri

**Mitsangana**

**A** Fitazanana **B**. Aorianareo **D**. Vy - In **E**. Tonta - Tsia **F**. Angatra - TB **G**. Roa - Rambo **H**. IV - Lavinay **I**. Fe - Aky **J**. Adinoko - Ar **K**. OO - Aza - Fay

TIAKO I MADAGASIKARA
TIM
BORIBORINTANY FAHATELO

Eo ambany fiahian'ny Solombavambahoaka Feno RALAMBOMANANA sy ny DISTIM

FIHAONAMBE SY DINIDINIKA HO FAMPANDROSOANA NY ANTOKO

Hanasana ny mpikatroka sy ny mpanara-dia rehetra : FOKOTIM, JEUNES TIM, FEMME TIM

SABOTSY 01 APRILY 2023
02 ora atoandro
QG BEL'AIR

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Fotoam-pivavahana ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny tsingerin-taonan'i Henri Ratsimbazafy, tao amin'ny FJKM Ankadifotsy, natrehan'ny filoha Marc Ravalomanana mivady. 90 taona omaly alarobia 29 martsa 2023 ity mpanakanto ity.**





**Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana, omaly, ho fanokafana ny fihaonamben'ny FFKM tao amin'ny FJKM Ambohipanja Fitiavana Ankadikely Avaradrano. Niatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana mivady, ny filoha Hery Rajaonarimampianina, ny filohan'ny CENI Dama Andrianarisedo, sy olo-manakaja maro…**



